

**Fizahàn-takila >**

**Fampidirana 7**

**1. Ny fiverenan'ny Tompo Jesoa 9**

I Jesoa Izy tenany mihitsy no hiverina 9

Ireo dingana roa amin'ny fiverenany 10

**2. Miomana ho amin'io fiverenany io 13**

**3. Ireo lafin'ny fanantenana kristiana 15**

Fanantenana ny fahasoavana 15

Fanantenana ny fitsanganana amin'ny maty 16

Fanantenana ny voninahitra 17

Fanantenana ny fanafahana ny voary  
manontolo 18

**4. Ny fiantraikan'ny fananana fanantenana 20**

Manamasina ny fanantenana 20

Ny fanantenana iainana dia fijoroana ho  
vavolombelona 21

Mitari-dalana ny fanantenana 22

Mampahery ny fanantenana 23

Mahatonga antsika hafana fo amin'ny asa  
fanompoana ny fanantenana 24

**5. Fehiny 25**

Ny maha-zava-dehibe ny fanantenana 25

Hevitra vitsivitsy momba ny fanantenana 27

## Fampidirana

*«Hisaorana anie Andriamanitra, Rain'i Jesoa Kristy Tompontosika, Izay niteraka antsika indray, araka ny haben'ny famindràmpony, ho amin'ny fanantenana velona tamin'ny nitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty»<sup>1</sup>, hoy ny apostoly Petera. Ary hoy indray koa i Paoly: «Kristy Jesoa fanantenàntsika»<sup>2</sup>. Mazava fa tena zava-misy marina ny fanantenana kristiana ary azo antoka. Mifaningotra tanteraka amin'ny Tompo Jesoa izy io, dia amin'ny asa nataony sy ny fitsangany tamin'ny maty. Io fanantenana io ihany koa dia mifamatotra akaiky amin'ny finoana sy ny fitiavana, izay mbola ny Tompo Jesoa koa no loharano ipoirany sy antoky ny fahafenoany. Tsy fahatsapana mbola mampisalasala sy tsy hita fototra tsy akory ny fanantenana – toy ny filazana amina marary hoe: «Ante-naiko fa hisy fihatsarana ianao rahampitso» – fa fiandrasana amim-pahazoana antoka tanteraka sy amim-pahatoniana an'izay nampanantenain'Andriamanitra. Mifamatotra amin'ny fiverenan'ny Tompo Jesoa ny zavatra rehetra. Izy no fanantenàntsika, satria ao Aminy no ahatanterahan'ny fampanantenana rehetra nataon'Andriamanitra<sup>3</sup>.*

*Raha tiantsika hiboiboika ao am-pontsika ny fanantenana, dia tsy maintsy raisintsika amim-*

---

1. 1 Petera 1. 3 • 2. 1 Timoty 1. 1 • 3. 2 Korintiana 1. 20 ; Romana 15. 8

*pinoana ny fitiavana atolotr'Andriamanitra sy ilay fanomezany sarobidy indrindra, dia ny Tompo Jesoa Kristy.*

## **1. Ny fiverenan'ny Tompo Jesoa**

### **I Jesoa lzy tenany mihitsy no hiverina**

*« Ao an-tranon'ny Raiko (hoy i Jesoa), misy fitoerana maro;...fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa »<sup>4</sup>.*

Ho avy indray aho. Izany fampanantenana izany no nentin'ny Tompo Jesoa nampahery ireo mpianany. Izany fampanantenana izany koa moa no notsahivin' ny apostoly Paoly tamin'ireo kristiana tao Tesalônika. Ny fiandrasana ny fiavian'i Jesoa no ivon'ny fanantenana kristiana : ny fiandrindrana an'llay Jesoa tena tia antsika sy te handray antsika ho eo anilany. Tsy haniraka anjely lzy, fa lzy tenany mihitsy no ho avy handray ireo rehetra nametraka ny tokiny tao aminy.

Hatrany amin'ny Testamenta Taloha no efa nison-gadina fa olona anankiray no nifantohan'ny fanantenan'ny mpino, dia ny Mesia. Nampanantena ny hia-vian'ny mpanafaka sady mpanavotra Andriamanitra, tamin'ny nanambaràny fa ho avy ny andro hanoro-toroan'ny taranaky ny vehivavy (ny Kristy no

---

4. Jaona 14. 2-3

tondroina amin'izany) ny lohan'ny menarana (i Satana)<sup>5</sup>. Manambara sy manantitra ny Testamenta Taloha, ao amin'ireo pejy rehetra mandrafitra azy, fa ho avy tokoa io mpanafaka io, dia ny Mesia.

Nefa tsy ho mpanafaka eo amin'ny lafiny pôlitika tsy akory no antony nahatongavan'i Jesoa. Ny hanatanteraka ny asa fanafahana antsika amin'ny fanan-devozan'ny fahotana no nahatongavany. Tsy maintsy niaritra fahoriana sy nandalo fahafatesana lzy mba hahefany izany. Ankehitriny, efa nitsangana tamin'ny maty lzy, ary nasandratra eo anatrehan'ny Ray. Izany dia manome antoka ny mpino ny amin'ny fananany toerana miaraka amin'io Jesoa io ao amin'ny voninahitra.

### Ireo dingana roa amin'ny fiverenany

Hahita isika, raha mamaky amim-pifantohana tsara ny Tenin'Andriamanitra, fa misy dingana roa miavaka tsara amin'ilay fiavian'ny Tompo fanindroany etỳ antany: dingana roa ao anatin'ny dia indray maka ihany.

1. Hidina lzy haka ireo olony ho any an-danitra<sup>6</sup>. Ao anatin'ny indray mipy maso no hananganany avy amin'ny vovoka ny vatan'ireo tena kristiana marina tokoa (mbamin'ireo mpino tamin'ny Testamenta Taloha) izay efa maty. Ary hovainy koa, miaraka amin'izay, ny vatan'ireo kristiana mbola velona, ary dia

---

5. Genesisy 3. 15 • 6. 1 Tesaloniana 4. 16

hiara-hakariny ireo. Hitsena Azy eny amin'ny rahon'ny lanitra isika kristiana. Tsy ho hitan'izao tontolo izao izany fampakarana izany.

2. Fotoana fohy aorian'izany, dia hotanterahiny indray kosa ny dingana faharoa amin'ny fiaviany. Tsy mitovy amin'ilay dingana voalohany ity faharoa ity. Ny tenany irery mantsy no nidina tamin'ilay fahatongavany voalohany, fa omban'ireo anjely marobe sy ireo olony kosa lzy, dia ireo mpino voavidiny<sup>7</sup>, amin'ilay fotoana hisehoany amim-boninahitra. Hahita Azy izao tontolo izao amin'izay fotoana izay<sup>8</sup>. Hitsara ny tany lzy, ary hanorina eto an-tany ny fanjakàny arivo taona, aorian'izany. Hanana anjara amin'ny voninahitry ny fanjakàny ny kristiana ary hiara-manjaka aminy<sup>9</sup>.

Hisy zava-dehibe hitranga, manelanelana an'ireo dingana roa ireo. Ao ireo trangan-javatra (izay tsy hotantaraitsika amin'ny antsipiriany) hampihorohoro fatratra ny tany sy ny mponina ao aminy. Ao kosa ireo trangan-javatra mitovy voninahi-dehibe ho an'ny lanitra sy ny mponina ao aminy. Hiseho eo anoloan'ny fitsaràn'i Kristy ireo tena kristiana marina tokoa, izay nitsena ny Tompo<sup>10</sup>. Tsy hiseho eo toy ny olo-meloka nantsoina mba hotsaraina anefa izy ireo<sup>11</sup>, fa hiseho eo mba hampihanjanjana izay

---

7. Matio 16. 27; 2 Tesaloniana 1. 10 • 8. Apokalypsy 19. 14 • 9. Apokalypsy 19. 14; 1 Korintiana 6. 2 • 10. 2 Korintiana 5. 10 • 11. Jaona 5. 24

rehetra nataony, na ny tsara izany na ny ratsy<sup>12</sup>. Ho hitany miharihary eo ambanin'ny fahazavan'Andriamanitra ny asany rehetra, ny teniny, ny antony nanosika azy nanao zavatra, dia araka izay nahitan'ny Tompo sy nitsarany izany. Hanaiky tanteraka ny fijerin'ny Tompo izy ireo amin'izany, ary ho diboka hafaliana sy ho feno fiderana noho ny fahatsapana izay rehetra nataon'ny Tompo teo amin'ny fiainany.

Trangan-javatra iray be voninahitra hiseho amin'io fotoana io koa ny fampakaram-badin'ny Zanak'ondry<sup>13</sup>. I Kristy io Zanak'ondry io; ny Fiangonana no vady ampakariny – izany hoe ny fitambaramben'ireo tena kristiana marina tokoa. Ho olona asaina amin'io fotoana io kosa ireo mpino sisa rehetra, toa an-dry i Abrahama, ry i Davida..., dia ireo mpino rehetra tany alohan'ny vanim-potoana kristiana. Fampakaram-badin'ny Zanak'ondry io, anarana izay mampahatsiahy amin'ny Fiangonana fa nijaly ho azy sy maty ho azy ny Tompony.

## 2. Miomana ho amin'io fiverenany io

*« Dia miomàna koa ianareo; fa ho avy ny Zanak'olona amin'izay ora tsy ampoizinareo »<sup>14</sup>.*

Ahoana no fomba hivononantsika? Mba ho vonona tsara isika dia tsy maintsy hisy solika ny fitoeran-jirontsika, araka ny hitantsika ao amin'ny fanoharana momba ireo virijiny folo<sup>15</sup>. Izany hoe nandray ny fiainana sy ny Fanahin'Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny finoana ny Tompo Jesoa. Tsy maintsy miantehitra tanteraka amin'ny asa nefain'i Jesoa teo amin'ny hazofijaliana ireny ihany isika, mba ho vonona. Amin'izao fotoana izao indrindra no tokony hiomana. Hikatonana ny varavarana, rehefa higadona ny Tompo Jesoa. Ho tara loatra raha amin'izay fotoana higadonan'ny Tompo izay ianao vao hiomana!

Tsy maintsy mivonona koa ireo rehetra efa nantona ny Tompo, izany hoe ireo efa zanak'Andriamanitra, eo amin'ny fiainany andavanandro. Mila mivonona izy mba ho toetra araka izay ankasitrahin'ny Tompo no hahatrarany azy. Olona manao ahoana moa no hahitan'ny Tompo antsika, raha ho avy Izy? Moa olona manana fo miredaredam-pitiavana Azy ve, sa olona mangatsia-po? Moa olona feno lolompo ve, sa

---

12. 2 Korintiana 5. 10 • 13. Apokalypsy 19. 7

---

14. Lioka 12. 40 • 15. Matio 25. 4, 10-11

olona nahay namela heloka? Moa olona fatra-piahy ny tombontsoan'ny tenany manokana ve, fa tsy mba nisaina ny an'ny Tompo? Ary toerana aiza no hahitany antsika? Moa eo amina toerana ekeny hahitana antsika ve? Moa amina asa ankasitrahiny ve? Aoka isika hiomana ho amin'ny fiverenany! Aoka isika hiambina sy hivavaka.

### 3. Ireo lafin'ny fanantenana kristiana

Io fiverenan'ny Tompo Jesoa io no ipoiran'ny zavatra rehetra : ny fanantenana ny fahasoavana, ny fanantenana ny voninahitra, ny fanantenana ny fanafahana !

#### Fanantenana ny fahasoavana

*« Koa amin'izany sikino ny sainareo, dia mahonona tena, ka antena tsara ny fahasoavana izay hoentina ho anareo amin'ny hisehoan'i Jesoa Kristy »<sup>16</sup>*

Mampahatsiahy ny tombontsoa manokana omen'Andriamanitra antsika sy ny fitiavana atolony antsika, na tsy mendrika izany aza isika, ny teny hoe fahasoavana. Ny hoe manantena tsara ny fahasoavana dia fahazoana antoka, tsy ombam-panahiana na fisalasalana, fa hoentina ho antsika io fahasoavana io, ka efa antsika sahady izany, dieny izao. Tsy maintsy mihevitenena ho toy ny mpivahiny isika, dia mpivahiny izay mahatsapa fa tsy an'ity izao tontolo izao ity intsony, mba ho afaka ny hanana izany fanantenana izany<sup>17</sup>. Tsy maintsy « mahonon-tena » isika, ka tsy hitady afa-tsy izay tokony ho sahaza antsika ihany mandritra ny fotoana fohy andalovantsika etỳ an-tany, ndrao ho voavily amin'ilay tanjontsika, na ho voasemban'ireo zavatra izay ivelany ihany.

---

16. 1 Petera 1. • 17. Eksodosy 12. 11; Lioka 12. 35

Io fahasoavana izay hoentina ho antsika io, izany, dia tsy inona akory fa mariky ny fahatontosan'ireo fahasoavana rehetra noraisintsika tao amin'i Kristy<sup>18</sup>. Voafaoka ao anatin'izany ny fahasoavana izay efa miantoka sahady ny famonjena ny fanahintsika sy ny tombontsoa manokana (na ny fahasoavana) izay efa itoerantsika ankehitriny<sup>19</sup>. Ary anampiny izany ny fananganana ny vatantsika amin'ny maty.

### **Fanantenana ny fitsanganana amin'ny maty**

*« Noho izaho manantena ny fitsanganan'ny maty »<sup>20</sup>.*

Hatramin'ny fotoanandron'i Jesoa no efa nino sy nanantena ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty ireo Jiosy mpivavaka. Miandry ny hananganana an'ireo nodimandry tao amin'ny Tompo koa isika kristiana ankehitriny. Hitranga izany rehefa miverina ny Tompo Jesoa. Fampiononana lehibe tokoa izany<sup>21</sup>!

Herin'ny hafatra kristiana, sy maneho ny fahatsarany, ny filazana fa resin'i Jesoa Kristy, Ilay efa maty kanefa velona mandrakizay mandrakizay, ny fahafatesana<sup>22</sup>. Hitsangana amim-boninahitra ny isambatan'olona amin'ireo tena kristiana marina efa maty ka nandalo fahalòvana ara-batana. Toy ny hoe mametraka voa afafy ao anatin'ny tany isika rehefa

**18.** Jaona 1. 16 • **19.** Romana 5. 2; 1 Petera 5. 12 • **20.** Asa 23. 6 - DIEM • **21.** 1 Tesaloniana 4. 15 • **22.** Apokalypsy 1. 18

manitrika ao am-pasana ny vatan'ny olo-malalan-tsika. Ny fanahiny kosa efa mitoetra eo anilan'ny Tompo<sup>23</sup>. Rehefa hiantso amin'ny feo mahery ny Tompo dia hitsangana indray io vatana io, hitafy voninahitra, ary tsy ho azon'ny ota sy tsy handairam-pahafatesana intsony.

Isika izay mbola velona ankehitriny, « tsy hodimandry avokoa isika rehetra », kanefa « hovana isika rehetra »<sup>24</sup>, amin'ny alalan'io herin'ny fananganana amin'ny maty io ihany, mba hiaraka amin'i Kristy ka hitafy vatana mitovy amin'ny Azy.

### **Fanantenana ny voninahitra**

*« Aoka isika hifaly amin'ny fanantenana ny voninahitr'Andriamanitra »<sup>25</sup>.*

Maneho ny fanatrehan'Andriamanitra, izay miasa mahery, sy ny famirapiratan'ny voninahitr'Andriamanitra. Io no endriky ny fahatsarany, izay Azy manokana. Ny fitambaramben'ireo toetra maneho ny fahatanterahany, ao anatin'ny firindrana mahavariana, no mandrafitra an'io voninahiny io: fitiavana, fahamasinana, fahamarinana, hatsaram-po, ...

I Jesoa no famirapiratan'ny voninahitr'Andriamanitra, Izy no « endriky ny tenany »<sup>26</sup>. Ao anatintsika Izy, « Izay fanantenana ny voninahitra »<sup>27</sup>. Hampiditra ny

**23.** 1 Korintiana 15. 38, 42 • **24.** 1 Korintiana 15. 51 • **25.** Romana 5. 2 • **26.** Hebreo 1. 3 • **27.** Kolosiana 1. 27

Fiangonany ho eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra Izy, amin'ny fotoana iverenany, mba ho hitan'ny Fiangonany ny voninahitr'Andriamanitra, izay hatao hita maso amin'ny alalan'i Jesoa sy ao aminy<sup>28</sup>.

Tsy vitan'ny hoe hahita ny voninahitry ny Tompo Jesoa isika, hahita ny fahatsarany, fa isika mihitsy koa no ho taratr'izany<sup>29</sup>. Tsy hoe ho an'ny isam-batan' olona ihany ilay voninahitra ho avy, fa hiraisan'ny rehetra koa. Izany no ho anjaran'ny Fiangonana, izay angonina ho iray eo anilan'ny vadiny, dia ny Tompo Jesoa<sup>30</sup>. Ho tafakambana amin'ny Tompony ny mpino rehetra, tafakambana aminy ao anatin'ny rohim-pifankatiavana sy fifaliana hitohy tsy tapaka.

### **Fanantenana ny fanafahana ny voary manontolo**

*« Fanantenana koa fa izao zavatra ary rehetra izao aza dia hovotsorana amin'ny fahandevozana, dia ny fahalovana »<sup>31</sup>.*

Hitsahatra avokoa, amin'ny fotoana hiavian'ny Tompo Jesoa, na ny tsy fahamarinana, na ny fahotana sy ny voka-dratsiny rehetra, na izay rehetra manimba ny noarin'Andriamanitra, na izay rehetra mampahory antsika. Hanorina ny fanjakàm-pahamarinany sy

---

**28.** 2 Korintiana 4. 6 • **29.** 2 Tesaloniana 1. 10 • **30.** Apokalypsy 21. 10; 2 Timoty 2. 10 • **31.** Romana 8. 21

fanjakàm-piadanany ny Tompo Jesoa, aorian'ireo fitsarana henjana hahatrany etỳ an-tany<sup>32</sup>. Hafahana amin'ny fanandevozan'ny fahalòvana ny voary manontolo, mba hisitraka ny « fahafahana izay momba ny voninahitr'ireo zanak'Andriamanitra »<sup>33</sup>.

Anterina etoana fa ny fanantenana kristiana dia tsy hoe miandry karazana fanovàna amin'ny fomba majika ny tontolo, hahatonga tampotampoka ny zavatra rehetra ho tsara sy ny manana aina rehetra ho sambatra. Aorian'ireo fitsarana izay hitranga etỳ an-tany vao hiorina ny fanjakàm-pahamarinana sy fanjakàm-piadanana'Andriamanitra. Hiverina indray ny Kristy, hitsara ny olombelona rehetra. Amin'izao fotoana ankehitriny izao no tokony hihaonantsika aminy amin'ny maha Mpamonjy Azy. Koa, henoy izay ambarany amintsika : « Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina »<sup>34</sup>.

---

**32.** Salamo 72; 96. 8; Isaia 9. 6-7; 33. 17, 22; Jeremia 23. 5-6; Daniela 7. 13; Mika 5. 4; Zakaria 6. 13; 9. 9, 10, sns. • **33.** Romana 8. 11 • **34.** Jaona 5. 24



## 4. Ny fiantraikan'ny fananana fanantenana

Mety halaim-panahy hihevitra isika, raha tsy manadihady, hoe hiaina am-piononana hiandry fotsiny ny fiverenan'ny Tompo Jesoa mba hanatanteraka ny faniriany, ny kristiana izay efa manana ny fanantenan'ny lanitra. Ny mifanohitra tanteraka amin'izany anefa no mitranga: manova ny fiainantsika ny fanantenana, manetsika ny momba antsika manontolo, manova ny rafitry ny soatoavintsika, ary manefy antsika havitrika amin'ny asa fanompoana.

### Manamasina ny fanantenana

*«Ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy, dia izay tena endriny tokoa. Ary izay rehetra manana izany fanantenana miorina aminy izany dia manadio ny tenany mba hadio tahaka Azy»<sup>35</sup>.*

Manoritra tanjona vaovao ho antsika ny fanantenana kristiana. Mampitodika antsika ho amin'i Kristy izy. Manadio ny tenantsika hadio tahaka an'i Kristy isika. Ampahafantaran'ny Fanahy Masina antsika tsikelikely, mba hialantsika, izay zavatra rehetra eo amin'ny lafim-piainantsika tsy mifanaraka amin'izay tokony

---

35. 1 Jaona 3. 2-3

hahatrarany Tompo antsika amin'ny fotoana hianiany.

Mifanohitra amin'izany kosa, mitady izay hahitan-tsika fahafinaretana eo amin'izao tontolo izao isika, rehefa marisarisa ny fiandrasantsika ny fiavian'ny Tompo Jesoa. Nambarany moa fa tsy misy toerana ho Azy eo amin'io izao tontolo izao io. Tonga mafy fo sy mpanjakazaka isika<sup>36</sup>, na kamo hanatanteraka izay angatahin'Andriamanitra amintsika, ka tsy mahatratra ny fenitra anton'ny iainantsika.

### Ny fanantenana iainana dia fijoroana ho vavolombelona

*«Ary aoka ho vonona mandrakariva ianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalempanahy sy ny fanajana»<sup>37</sup>.*

Ho tsikaritry ny hafa isika, raha toa ka miandry marina tokoa ny fiavian'ny Tompo Jesoa. Tsy ho tahaka ny hafa mihitsy mantsy ny mpino izay manana fanantenana mitoetra ao anatin'ny. Ho azo vakina eny aminy ny fifaliana amin'ny fanantenana<sup>38</sup>; ho hita soritra eo aminy ny fahazoana antoka vokarin'ny fanantenana ny famonjena<sup>39</sup>. Hitondra tena ao anatin'ny fiadanana sy ny fahamasinana izy, hitoetra

---

36. Lioka 12. 45 • 37. 1 Petera 3. 15 • 38. Romana 12. 12 • 39. 1 Tesaloniana 5. 8

ho madio na dia hodidinin'ireo karazam-pahalotoana aza. Tsy ho takona afenina izany maha hafa azy izany.

Ny hivononana mandrakariva hamaly izay manontany antsika ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatintsika no tena zava-dehibe. Tokony ho amim-pahalempanahy sy amim-panajana ny famalintsika, amim-panajana rehefa miresaka zavatra mikasika an'Andriamanitra; mamaly araka ny hamorampanahin'ny fahasoavana, izay tsy mba mieboebo fa manetry tena ho fanompoana ny namana. Ny Fanahy Masina no hanome ny teny sahaza holazaina, amin'ny fotoana tokony hilazana izany. Araka ny haben'ny ao am-po no itenenan'ny vava<sup>40</sup>.

### Mitari-dalana ny fanantenana

*« Izaho (i Jesoa) no Solofo sy taranak'i Davida, ny kintana mamirapiratra fitarikandro »<sup>41</sup>.*

Fahazoana antoka mafy orina ny amin'ny hoavy, fitokiana tanteraka amin'Andriamanitra, ireo no manafaka antsika amin'ny tahotry ny ampitso. Mampihanjahanja amintsika ny tena toetran'ity izao tontolo izao ity ny fanantenana kristiana, satria isika « manana ny teny faminiana atao mafy orina kokoa... fa toy ny jiro mahazava ao amin'ny fitoerana maizimaizina izany »<sup>42</sup>, izany hoe ao amin'ny hamaizinan-

tsain'izao tontolo izao. I Jesoa no ilay kintana fitarikandro izay manondro ny lala-marina tokony hizorana. Te hanafaka antsika amin'ireo zavatra katsahin'ny olombelona fatratra amin'izao fiainana izao Andriamanitra. Tsy mba etỳ amin'izao tontolo izao mantsy ny harenantsika, fa any an-danitra<sup>43</sup>.

### Mampahery ny fanantenana

*« Mahareta koa ianareo, mampahereza ny fonareo, fa efa mby akaiky ny fiavian'ny Tompo »<sup>44</sup>.*

Mampahery eo amin'ny fizahan-toetra sy ny fahoriana<sup>45</sup> ny fanantenana. Izany fanantenana izany no nampitraka ny Tompo Jesoa, « Izay naharitra ny hazofijaliana... mba hahazoany ny fifaliana napetraka teo anoloany »<sup>46</sup>. Mampahery kristiana maro manoloana ny fahafatesana ny fanantenana: ireo maritiora, aloha, sy ireo rehetra maty tamin'ny finoana. Arakara ny mampahery ny fanantenana no mainka hanaovana ezaka amin-kafanampo. Miteraka fahazoana antoka tsy azo hozongozonina ny fananana fanantenana mafy orina. Arakaraka ny hanirantsika fatratra izay zavatra mifandraika amin'ny fiavian'ny Tompo no mainka hiorenantsika mafy<sup>47</sup>, ka tsy hihozongozonantsika mihitsy.

---

40. Matio 12. 34 • 41. Apokalypsy 22. 16

---

42. 2 Petera 1. 19 • 43. Matio 6. 20, 33 • 44. Jakoba 5. 8 • 45. 2 Timoty 2. 12 • 46. Hebreo 12. 2

## Mahatonga antsika hafana fo amin'ny asa fanompoana ny fanantenana

«*Sambatra ny mpanompo izay ho hitan'ny tompony fa indreo manao toy izany raha avy Izy*»<sup>48</sup>.

Ahoana moa no tsy hikatsahako fatratra an'izay hanompoana ny Tompo, raha fantatro izao fa, amin' ny indray mipy maso fotsiny, dia ho eo anilany aho, hiara-tsambatra aminy sy hiara-mitafy voninahitra aminy? Fomba maro samihafa no azontsika anefana izany: fitoriana ny filazantsara, fanambaràna ny tenin'Andriamanitra, fampaherezana an'ireo izay mijaly... Toy izao no namehezan'ny apostoly Paoly ny fampianarany mikasika ny fitsanganan'i Kristy tamin' ny maty, sy ny amin'ny fiaviany indray, raha nanambara ny amin'izany izy ao amin'ny 1 Korintiana 15: «Koa amin'izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo»<sup>49</sup>.

---

47. Hebreo 6. 19 • 48. Lioka 12. 43 • 49. 1 Korintiana 15. 58

## 5. Fehiny

### Ny maha zava-dehibe ny fanantenana

Ny Testamenta Vaovao iray manontolo dia hazavain' ny fiverenan'ny Tompo Jesoa (mihoatra ny in-300 no ilazany ny amin'izany). Misy aza moa boky tsy mire-saka mihitsy afa-tsy ny amin'io lohahevitra mikasika ny fiavian'ny Tompo io (ny 1 sy 2 Tesaloniana ary ny bokin'ny Apokalypsy).

Tamin'ny fiandohan'ny fiangonana, dia niaina tamin'ny fiandrasana ny fiverenan'ny Tompo ny kristiana<sup>50</sup>. Tsy nomen'ny Tompo ny daty hahatongavany, tsy nilaza faminiana tsy maintsy ho tanteraka mia-loha ny dingana voalohany amin'ny fiaviany Izy<sup>51</sup>. Izany no nataony, dia ny mba hahatonga an'ireo kristiana isam-batan'olona hiandry Azy isan'andro isan'andro, na inona na inona vanim-potoana iainany, ka hahatonga izany fiambenany izany hitondra ireo vokatra notanisaintsika tetsy ambony ireo, eo amin'ny fiainany.

Tsy midika tsy akory ny mbola tsy fahatante-  
rahan'io fampanantenana nataon'ny Tompo ny amin'ny hiaviany faingana<sup>52</sup> io, na efa taonjato maro aza no nidify, fa mitaredretra amin'ny fanatanterahany

---

50. 1 Korintiana 1. 7; Filipiana 3. 20; 1 Tesaloniana 1. 10 • 51. Faminiana maromaro kosa no voalaza fa hialoha ilay dingana faharoan'ny fiaviany: Matio 24, Apokalypsy 6 sy ny manaraka. • 52. Apokalypsy 22. 7, 12, 20

izany Izy. Efa nilaza ny apostoly Petera tamin'ny taratasy toa fanaovam-beloma nataony, ao amin'ny epistily faharoa nosoratany, hoe : « Ny Tompo tsy mahela ny teny fikasàny, araka izay ataon'ny sasany ho fahelany, fa mahari-po aminareo Izy, ka tsy tiany hisy ho very »<sup>53</sup>. Ary anteriny fa Aminy, dia tsy misy ny fotoana : ny indray andro Aminy dia toy ny arivo taona ary ny arivo taona toy ny indray andro<sup>54</sup>.

Io fiandrasana isan'andro isan'andro io dia nanohana ireo mpino mpikambana tao amin'ny Fiangonana voalohany, raha nandia fizahan-toetra izy ireo, nisedra fahoriana, eny niatrika hatramin'ny ny fahafatesana aza noho ny fihazonany ny finoany. Indrisy, zary nailika tsikelikely izany fahamarinana izany hatramin'ny taonjato faha-19. Niverenana indray, tamin'io vanimpotoana io, ny fanambaràna ny fiavian'i Kristy hampakatra ny Fiangonany. Nambara tamin-kery izany ary nitondra fifohazam-panahy lehibe. Io fiandrasana ny fiavian'ny Tompo io, izay zava-misy velona sy mitoetra mandrakariva, no loharano mahagaga anovozan'ireo mpino hery ara-panahy.

Tsy manova na inona na inona amin'ny lanjan'io fahamarinana io ny tsy finoan'ny mpaniratsira. Noho izany, ho avy indray i Jesoa. Tsy miandry ny fihatsaran'izao tontolo izao, na ny fiovampony, isika. Tsy ny fahatanterahan'izay vinavina hanjakan'ny fiadanana

na ny fahamarinana tsy akory no ifotoran'ny fanantenantsika. Miandry olona izay tiantsika isika : i Jesoa Kristy.

Manefy antsika hiaina amin'ny maha kristiana, araka izay ambaran'ny Baiboly, ny fiandrasana ny Tompo Jesoa. Manaitra ny saina ny mahamarika fa tafatoetra tsara ao anatin'ny finoana sy nanam-pitiavana mire-dareda Ilay Kristy, ireo rehetra nikolokolo io fanantenana io tamin'ny fony manontolo. Moa mba diboka hafaliana ve ny fontsika isaka izay misaintsaina isika fa ho avy indray i Jesoa ?

### **Hevitra vitsivitsy momba ny fanantenana**

*« Aza manantena zavatra hafa ankoatra an'Ilay Andriamanitrao. Aoka ho Izy irery no hany fanantenanao. »*

Md Augustin

« Mifamatotra amin'ny finoana sy ny fitiavana ny fanantenana kristiana<sup>55</sup>. « Ny finoana dia fahazoana antoka ny zavatra antenaina »<sup>56</sup>. Ny finoana no mandray ny fampanantenana omen'Andriamanitra. Izy izany no mamelona ny fanantenana, ary ny fanantenana no mampampirapiratra ny finoana. Samy fanomezana avy amin'Andriamanitra izy roa ireo<sup>57</sup>.

---

**55.** Kolosiana 1. 4-5; 1 Tesaloniana 1. 3; 1 Korintiana 13. 7 • **56.** Hebreo 11. 1 • **57.** 2 Tesaloniana 2. 16; Filipiana 1. 29

---

**53.** 2 Petera 3. 9 • **54.** 2 Petera 3. 8

Tsy inona akory ny fanantenana fa fiandrasana an' ireo zava-tsoa andrandrain'ny finoana fa ho azo, noho ny teny efa nomen'Andriamanitra. Ny finoana no fototra iorenan'ny fanantenana ; ny fanantenana kosa mamahana sy manohana ny finoana.»

Jean Calvin

«Tamin'ny vanim-potoana rehetra, ny toetra manokana izay an'ny finoana samirery dia ny fametrahany amin'Andriamanitra irery ihany ny fanantenàny, araka izay nampahafantaran'Andriamanitra ny tenany. Miala ny ahiahy sy ny tahotra rehefa mitodika amin'Andriamanitra ny fontsika, fa mitoetra kosa ny fiadanana ao anatin'ny fatokiana an'Andriamanitra sy ao anatin'ny fikatsahana mandrakariva ny fankasitrahany.»

André Gibert

«Ny fitiavana no vato fototry ny fanantenana, satria ny fanantenana dia mihoatra lavitra noho ny fanantenana zavatra. Olona mantsy no antenaina fa tsy zavatra. Fiandrdrana fihaonana izy io, fihaonana amin'ilay Iray izay tia antsika, dia ny Tompo Jesoa. Izany fiandrasana ny Tompo izany no manova ny fiainantsika ka manome azy herim-po, fifaliana, ary fiadanana.

Ny fahafatesana no hany anjara andrandrain'ny fiainana an-tany. «Tahaka ny aloka ny andronay etỳ

an-tany, ka tsy misy fanantenana»<sup>58</sup>. Ny fanantenana kristiana kosa dia fanantenana velona<sup>59</sup>, satria i Kristy no antenainy. Tamin'i Kristy no nandraisantsika fiainana vaovao, lzy no nanafaka antsika tamin'ny vahon'ny fahafatesana. Tsy fanantenana fiainana ho avy ihany izany, fa fiainana izay manantena, dia ny fiainan'i Jesoa izay efa ananana sahady»

hoay i André Gibert

«I Jesoa no hany fanantenana, i Jesoa izay namakivaky ny fahafatesana ary mitoetra ho mpandresy izany mandrakizay mandrakizay.»

Guy Appéré

Ny lanitra no fanantenana kristiana. Ny lanitra no ho fonenantsika rahatrizay fa tsy ny tany. Efa mizaka ny zom-pirenen'ny lanitra sahady isika, dieny ankehitriny<sup>60</sup>. Ny lanitra no tena trano fonenan'ny kristiana, any no «any aminy». Izany toetra maha an'ny lanitra ny fanantenana kristiana izany no mamaritra izay tena anjara toerana misy ny mpino etỳ amin'ity izao tontolo izao ity: vahiny sy mpivahiny isika etỳ, andalana ho any amin'ilay tanindrazantsika, iraka solon'i Kristy<sup>61</sup>. Aoka isika hanao soa amin'ny olona

---

58. 1 Tantara 29. 15; ampitahao koa amin'ny Ohabolana 10. 28; 11. 7 • 59. 1 Petera 1. 4 • 60. Kolosiana 1. 5; Filipiana 3. 20 • 61. 1 Petera 2. 11; 2 Korintiana 5. 20

rehetra, ary hiaina ny antson'ny lanitra niantsoana antsika<sup>62</sup> !\*

*« Hoy Izay manambara ireo zavatra ireo :  
Eny, avy faingana Aho. Amena, avia, Jesoa  
Tompo »<sup>63</sup>.*

Misy bokikely maromaro ireto, mamahavaha ny lohahevitra hitanao tato. Mampirisika anao izahay hamaky azy ireto :

*Ny faharetana miandry ny fiavian'ny Tompo,  
S. Prod'hom*

*Ny fiavian'ny Tompo, C.H. Mackintosh*

*Fiainana mifanaraka amin'ny fiandrasana ny  
fiavian'ny Tompo, H. Rossier*

*Nakaran'ilay Vady,  
ary miverina miaraka amin'ny Mpanjaka*

*Ny fitsanganana amin'ny maty, fahamarinana  
fototra voizin'ny Filazantsara – Ny fitsanga-  
nana roa karazana, J.N. Darby*

---

62. Galatiana 5. 9; Hebreo 3. 1 • 63. Apokalypsy 22. 20